
Lesona 3 hatao ny 18 Jolay, 2026



# IRAY AO AMIN'I KRISTY


“Ary mananatra anareo aho, ry rahalahy, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika, mba hiray teny ianareo rehetra, ka tsy hisy fisarahana eo aminareo, fa mba ho tafakambana tsara ianareo hiray saina sy hevitra” (1 Korintiana 1:10)

Rehefa avy niarahaba ny Korintiana sy nidera azy ireo noho ny fitomboany ara-panahy i Paoly dia nanohy niresaka momba ny olana voalohany izay misy fiantraikany amin'ny fiangonana: ny tsy fisian'ny firaisana.

Manerana ny epistily ho an'ny Korintiana, sy ireo hafa nosoratan'i Paoly, no ahitantsika ny fomba anomezany antsika torolalana hamahana io olana io, izay mety mihantra amin'ny fiangonana ankehitriny ihany koa.

Misy teboka iray mazava hatramin'ny voalohany: tsy tratra amin'ny alalan'ny ezaka ataon'olombelona ny firaisana ao amin'ny fiangonana. Amin'ny fibanjinana an'i Jesosy ihany no hahatrarantsika firaisana.





Olana mitarika fisaratsarahana:

- Fisarahana sy fifampiandaniana


Ahoana no hihazomana ny firaisana:

- Iray ao amin'i Jesosy
- Fahendrena sy fahamatorana
- Fanompoana sy fanetrentena
- Fanajana ny mpitarika

# OLANA MITARIKA FISARATSARAHANA

# FISARAHANA SY FIFAMPIANDANIANA

"Ary mananatra anareo aho, ry rahalahy, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika, mba hiray teny ianareo rehetra, ka tsy hisy fisarahana eo aminareo, fa mba ho tafakambana tsara ianareo hiray saina sy hevitra." (1 Korintiana 1:10)



**Inona avy ireo fisaratsarahana nisy tao amin'ny fiangonan'i Korinto (1 Kor. 1:12)?**

Nisy mpitarika samy hafa nandalo tao Korinto, ary samy nanana ny mpitory teny nankafiziny ny mpino tsirairay (Paoly, Apolosy, Petera...) Izany no nahatonga ny fifampiandaniana teo amin'izy ireo (1 Kor. 1:11).



Tsy tsapany fa hafatra iraisana no nitorian'izy rehetra, fa variana nifantoka tamin'ny lafiny tsy misy dikany izy (1 Kor. 3:5-8).

Nisy fiantraikany tsikelikely teo amin'ny fiainan'ny fiangonana izany (1 Kor. 3:3). Nanimba ny fankalazana ny Fanasan'ny Tompo ny tsy fisian'ny firaisana (1 Kor. 11:33), ary tonga hatramin'ny fifampitoriana teny amin'ny fitsarana mihitsy aza (1 Kor. 6:1).





# AHOANA NO HIHAZOMANA NY FIRAISANA

# IRAY AO AMIN'I JESOSY

**"Mahatoky Andriamanitra, Izay nahatonga ny fiantsoana anareo hanananareo firaisana amin'ny Zanany, dia Jesosy Kristy Tompontsika." (1 Korintiana 1:9)**



"Voazarazara va Kristy? Paoly va no voahombo tamin'ny hazo fijaliana hamonjy anareo, sa ho amin'ny anaran'i Paoly no nanaovam-batisa anareo?" (1 Korintiana 1:13). Tamin'ny alalan'ireo fanontaniana ireo no nitarihan'i Paoly azy ireo hisaintsaina.

Ny fananana an'i Jesosy ho Tompontsika ihany no hahatonga ny firaisana. Tsy amin'ny alalan'ny fanarahana ny hevitry ny rahalahy na anabavy iray, na amin'ny fananganana vondrona mihidy no hanatrarana ny firaisana.

Tsy midika ho fitoviana ny firaisana ao amin'i Jesosy. Tsy hoe mitovy avokoa ny hevitsika ny amin'ny zavatra rehetra, na koa hoe mitovy ny ataontsika rehetra.

Ny tsy fitovian-kevitra madinidinika, ny fanomezam-pahasoavana samy hafa ananan'ny tsirairay, rehefa mivondrona ao amin'i Kristy, dia miteraka firaisana fa tsy fisaratsarahana (1 Kor. 12:12-13, 25, 27).

Amin'ny alalan'ny fahafatesana ao amin'ny tena sy fivelomana ho an'i Jesosy ihany no hahatraran'ny fiangonana ny firaisana.

# FAHENDRENA SY FAHAMATORANA

"Ary izaho, ry rahalahy, tsy nahazo niteny taminareo tahaka ny amin'izay araka ny Fanahy, fa tahaka ny amin'izay mbola nofo, dia tahaka izay mbola zaza ihany ao amin'i Kristy." (1 Korintiana 3:1)

Mbola "zaza ao amin'i Kristy" no ilazan'i Paoly ny Kristiana tsy matotra, "mbola nofo" (1 Korintiana 3:1). Ireo karazana kristiana ireo dia mifantoka kokoa amin'ny olona fa tsy amin'i Jesosy.

Rehefa omena lanja tafahoatra ny mpitarika sasany ka hambaniana ny hafa, dia miforona ny vondrona mampisara-bazana ny fiangonana. Izany dia vokatry ny tsy fahamatorana. Noho izany, dia miantso antsika i Paoly ho tonga amin'ny fahamatorana ao amin'i Kristy (1 Korintiana 2:6).

| | Tsy matotra | | Matotra |
|---|---|---|---|
|  | Tahaka izay mbola zaza (1 Kor. 3:1) |  | Lehilahy tokoa (1 Kor. 14:20) |
|  | Ronono no sakafony (1 Kor. 3:2) |  | Mihinana ventin-kanina (Heb. 5:14) |
|  | Araka ny nofo ihany (1 Kor. 3:3) |  | Olona araky ny Fanahy (1 Kor. 2:13) |
|  | Mora voatariky ny hevitry ny hafa (1 Kor. 3:4) |  | Manana fahaiza-manavaka ara-panahy (1 Kor. 2:14) |

# FANOMPOANA SY FANETRENTENA

**“Aoka hataon'ny olona ho mpanompon'i Kristy sy mpitandrina ny zava-miafina izay an'Andriamanitra izahay.” (1 Korintiana 4:1)**

Voazarazara noho ny politika, filozofia, fivavahana ary finoana samy hafa ny olona tamin’ny taonjato voalohany, dia toy ny amin’izao ankehitriny izao. Ahoana no ahafahantsika misoroka izany fomba fisainana izany mba tsy hiditra ao amin’ny fiangonana ka hiteraka fisaratsarahana?







Manana anjara toerana lehibe ny fihetsiky ny mpitarika. Tsy maintsy mazava tsara ny andraikitry ny mpitondra fiangonana amin’ny maha-mpitantana azy. Tsy tompon’ny fiangonana izy ireo; fa mitantana azy ihany ho an’i Kristy.

Jesosy no mpitarika ny fiangonana, ny hafa rehetra dia mitantana azy amin'ny maha-“mpanompon’i Kristy” (1 Kor. 4:1).

Ny mpanompo izay mitantana dia tsy maintsy mitondra tena araka ny fitondran-tenan’ny Tompony: vonona mandrakariva hanolo-tena amim-panetren-tena ho fanompoana ny hafa (Fil. 2:3-8).






Firaisana toy ny ahoana no mety ho hita ao amin'ny fiangonana raha toa ka toy izany no ataon'ny rehetra – tsy ny mpitarika ihany, fa ny mambra tsirairay avy?

# FANAJANA NY MPITARIKA

*"Ary raha izany, dia fantatrareo fa ny mpitandrina dia tokony ho olona mahatoky."* (1 Korintiana 4:2)




Ny fisian'ny fifandrafiana sy ny fifampiandaniana manodidina ny mpitondra dia tsy midika fa tokony holavintsika izy ireny. Mifanohitra amin'izany, nanohana sy niaro ny fanompoan'i Apolosy sy ny asany tany Korinto i Paoly (1 Kor. 3:5-6; 4:6; 16:12).



Rehefa miasa am-pahatokiana ny mpitarika, dia mendrika ny homem-boninahitra izy (1 Kor. 4:2; 1 Tim. 5:17). Ary na dia tsy mahazo izany voninahitra izany aza izy, dia mitoetra mahatoky, satria fantany fa Andriamanitra mihitsy no hitsara azy, fa tsy olombelona (1 Kor. 4:3-4).



I Frank sy i Walter Bond no misionera voalohany tany Espaina. Maty noho ny finoany tao Jaén i Walter tamin'ny taona 1914.

Manaraka ny dian-tongotr'i Jesosy ny mpitarika kristiana amin'ny fahavononany hiari-pahoriana ho an'ny rahalahiny sy anabaviny (rahavavy, anadahy), ary ho faty aza, raha ilaina, noho ny amin'ny fanompoany. (1 Kor. 4:11-13; 2 Kor. 11:23-28).



Tsy nantsoina hiady na hifanditra samy izy na ny mpitarika na ny mambra, fa mba ho iray kosa amin'ny fiderana an'i Jesosy sy ny fitoriana ny hafatry ny hazo fijaliana.

“Ny toe-tsaina feno fandeferana toy ny an'i Kristy ihany no afaka mahatanteraka firaisana tanteraka ao amin'ny fiangonana. Afaka mamafy fifandirana i Satana; i Kristy irery ihany no afaka mandamina ireo tsy fitovian-kevitra rehetra.... Rehefa tia an'Andriamanitra mihoatra ny zavatra rehetra ianao izay miasa amin'ny maha olo-tsotra anao ho an'ny fiangonana sady tia ny namanao tahaka ny tenanao, dia tsy misy ezaka mafy hatao ho amin'ny firaisana: hisy firaisana ao amin'i Kristy, tsy hihaino ny sofina mpitatitra, ary tsy hisy olona hanome tsiny ny namany. Hankamamy ny fitiavana sy ny firaisana ny mambra ao amin'ny fiangonana ka ho toy ny fianakaviana lehibe iray izy rehetra. Amin'izay dia hitondra ny porofo ho an'izao tontolo izao isika izay hanambara fa Andriamanitra no naniraka ny Zanany Lahitokana ho amin'izao tontolo izao.”

EGW (Reflecting Christ, 5 Jolay)